Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7505 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 24 febroary 2023

MAHANORO 4

# ANKIZILAHY HITA FATY TSY MISY MASO SY LELA

MARINA IZANY ! 7

## ANDRASANA HIVADIKA ASA !

FIZASOA - AMBOLOKANDRINA 3



## HANASONGADINA "NY BETSIMISARAKA, TSY MISARA-DRAHA MAGNANO"

RIVODOZA FREDDY 8

# TAFAKATRA 7 IREO MATY 78 078 IREO TRA-BOINA



IZY NO IZY 4

ROMUALD RAKOTONDRABE "RÔRÔ"

## MPANAZATRA MAHAY MITSARA TENA



FIMPIMA - FRANTSA 3

## HANKALAZA NY FAHA-60 TAONA NIJOROANY

SAKANTSAKANA FANENTANANA - FIFIDIANANA 7

# NITARAINA TENY AMIN' NY CENI NY TIM

KITRA - TOMPONDAKA 2

"OPL 2022/2023"

## TAFAKATRA EO AMIN' NY LAHARANA FAHAROA VONJIMAIKA NY EKIPAN'NY AJESAIA



# Akon'ny " Rugby à XV "

*Toerana anankiroa samy hafa no handray fifaninanana amin'ny taranja lavalava amin'ny faran'ny herinandro izao eto Antananarivo. Ny voalohany amin'izany dia ny fisantarana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny TOP 20, izay hotanterahina eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Ny faharoa kosa dia fanaovana asa soa " œuvre ", karakarain'ny solombavambahoaka voafidy teny amin'ny distrikan'Antananarivo faha-6, izay hizotra eny amin'ny kianja Gatema Mamory Ivato. Irariana amin'ireo fihaonana rehetra ireo fotsiny, dia mba ho " vita lera " ny lalao fa nahamenatra ny trangan-javatra niseho tamin'iny " Super Coupe " iny.*

## Tompondaka « TOP 20 »

### Ekipa valo avy hatrany no hifampitady

Hanamarika ny fanombohana ny fifaninanana eo amin'ny TOP 20, eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, amin'ny alahady 26 febroary 2023 izao ny fihaonana efatra. Samy hiverina an-kianja avokoa ny ekipan'ny miaramila sy Manjakaray, izay niatrika ny " Super Coupe " tamin'ny herinandro lasa teo iny, saingy samy hafa ny mpifanandrina aminy. Ny COSFA hifampitana amin'ny JSTA Ambondrona, ary ny FTM Manjakaray kosa indray dia hifampitana amin'ny FTAT Anosibe. Anisan'ny fihaonana andrandrain'ny mpankafy baolina lavalava eny amin'ny kartie, ny fifandonan'ny US Ikopa sy ny FTBA Andohatapenaka, izay samy mpiray vodirindrina. Hamarana ny lalao ny fihaoananeo amin'ny TAM Anosibe sy ny FBM Bemasoandro Itaosy.

## " Amboma Champion "

### Hifampitady ireo fokontany ao anatin'Antananarivo faha-6

Ankoatra ny taranja hafa efa notolorany amboara ao anatin'ny fari-piadidiany, dia ny rugby indray no omen'ny solombavambahoaka Todisoa Andriamampandry tanana amin'ny fifaninanana karakarainy, nampitondrainy ny lohahevitra hoe "Amboma Champion", izay iarahany mikarakara amin'ny Section Marovatana Rugby. Nozaraina ho sokajy anankiroa ny ekipa mifaninana ka misy ao anatin'ny divizionina voalohany sy faharoa. Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao amin'ny alahady 26 febroary 2023, eny amin'ny kianja Gatema Mamory Ivato : 8 ora : US2A Anosisoa # ATM Ankazomanga ; " 2ème Division " / 9 ora 30 : FITAM Anjanakiboro # FBA Betafo ; 11 ora : Ibis Noire Ambodimita # XV Taureaux Antanjombe ; " 1ère Division Elite II " / 12 ora 30 : FCA Analamanga # FIFITA Anosivavaka ; 2 ora : FIMAD Ambohidroa # RCAM Ambohidahy.

**aris rafaly**



Antenaina ho vita hatramin'ny farany ny lalao rehetra !

Kitra - CAN 2023/ Lesotho #Zambia

# Voatendry hitsara ny lalao i Dimbiniaina Andriatianarivelo



Mpitsara baolina kaomoriana telo mirahalahy no miaraka aminy, izay lalao hotanterahana amin'ny 26 martsa any Johanesbourg.

Notendren'ny Kaonfederasiona Afrikanina hitsara ny fihaonana eo amin'ny ekipam-pirenen'i Lesotho sy Zambia ilay Malagasy, Andriaroanarivelo Dimbiniaina, eo amin'ny taranja baolina kitra. Marihina fa mpitsara mpanampy ny toerany, izay efa manana ny fahaiza-manao ny amin'izany. Mpitsara baolina kaomoriana telo mirahalahy no miaraka aminy, izay lalao hotanterahina amin'ny 26 marsa any Johanesbourg. Tombony lehibe ho an'ny solontenantsika ny mahazo fanendrena toy izao ka tsy tokony hohamaivanina. Tsy ny mpitsara baolina rehetra manerana an'i Afrika ihany koa no voatendry, fa eo ny fahaiza-manaon'ilay mpitsara, izay heverin'ny Kaonfederasiona Afrikanina ihany koa fa misongadina sy manatombo amin'ireo namany hafa. Etsy andaniny, manokatra varavarana ho an'ireo mpitsara baolina kitra malagasy ny fahazoan'i Dimbiniaina fanendrena toy izao, ka hiankina amin'ny fahaizany maneho ny fitantanana ny lalao no mety hahazoantsika fanendrena maromaro amin'ny manaraka.

**Rabenaivo**

Kitra - Tompondaka " OPL 2022/2023 "

# Tafakatra eo amin'ny laharana faharoa vonjimaika ny ekipan'ny AJESAIA

Nentina nanombohana ny lalao fifanintsanana tamin'ny andro faha-7 amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara amin'ny « Orange Pro League 2022/2023 », dia ny fihaonana teo amin'ny ekipan'ny AJESAIA Bongolava sy ny AS Ambondrona avy any amin'ny Ligin'i DIANA, izay ao anatin'ny « Conférence Nord », tamin'ny alarobia tolakandro teo, teny amin'ny kianja Manarapenitra Ambohidratrimo. Lavon'ny AJESAIA tamin'ny isa 3 no ho 1 ny mpifanandrina taminy, izay efa miorim-ponenana eto Antananarivo aloha hatramin' izao. Noho ny fahasarotana amin'ny fampiasana ny lalam-pirenena faha-6, dia tsy mbola azo handraisana ny fihaonana amin'ny OPL ny kianjan' Antsiranana raha tsy maina tsara ny tany. Araka izao voka-dalao azony izao dia mitarika vonjimaika amin'ny laharana faharoa ny ekipan'i Tanikatsaka Itaosy, izay manana isa 11. Mitovy isa aminy koa ny COSFA, saingy eo amin'ny elanelan' ny baolina tafiditra no manantombo 8 ny AJESAIA, raha 6 kosa ny an'ny ekipan' Ampahibe. Marihina fa miovaova hatrany ny filaharana arakaraka ny voka-dalao azon'ny ekipa tsirairay. Ampahatsiahivina fa taorian' ny nahalasa an'i Miora, manantevin-daharana ny Fosa Junior FC Boeny, sy Rojo Be, izay efa manomana ny diany ho atsy amin'ny nosy La Réunion, dia maro ny mpanaraka baolina kitra no mihevitra fa ho saro-toerana sy sahirana ny AJESAIA amin' ny fifaninanana OPL. Efa betsaka ny mpilalao nandao azy izay fa miakatra hatrany ireo solofo dimbin'ny alany, noho ny fikolokoloany ny taniketsany.

**aris rafaly**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 954 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Betiravy sy atody

**Zavatra ilaina :** betiravy 1 kilao, lasaosy persila, atody 1 na 2, persila fehezany 1.

**Fikarakarana azy :** Sasana ny betiravy, voasana dia kikisana. Ahandroina amin'ny akorany ny atody. Sasana ny persila, hamainina dia tetehina. Asiana lasaosy ny betiravy, atao amin'ny lovia be ary hodidinina persila. Fomba maro no azo ampiasana ny atody :

1-Potehina ny tamenany dia araradraraka amin'ny betiravy.

2-Didina boribory ary atao laharana eo ampovoany

3- Amboarina ho toy ny voninkazo marigirity...

À VOUS
LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO
AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

HOTSAKOTSAKOINA
"Ny herisetra dia hitsin-dalana alehan'ny ambany fisainana, heveriny ho lalana mahomby sy voninahitra ho azy."
Ny Vetso (02.02.14)
(" La méchanceté c'est la réussite des ratées. " Pilpault)

Fimpima Frantsa

# Hankalaza ny faha-60 taona nijoroany amin'ity taona ity

*Niato kely ny fankalazana ny alin'ny mpikabary nandritra ireny fihibohana ireny.*



**Ireo mpikambana ao amin'ny Fimpima Frantsa. (Tahirin-tsary)**

Hankalazaina amin'ny 20 mey izao ny faha-60 taona nijoroan'ny Fimpima Frantsa, na hoe Fikambanan'ny mpikabary ao amin'ny Faritany Frantsa. Mandritra ny alin'ny mpikabary izay hetsika efa fanaon'izy ireo isan-taona moa no hanaovana azy io ka dia hiavaka indray araka izany io fotoana io amin'ity taona ity. I Gangstabab sy ny orkestra Macadence moa no hanafana ny fotoana amin'io. Marihina fa mampianatra kabary no tena sahan'asa an'ny Fimpima Frantsa ary tena maro ireo Malagasy monina any no liana mianatra izany. Mifangaro ny salantaonan'ireo mpianatra, ka misy ny ankizy, misy ny tanora ary efa misy ny lehibe. Isantaona dia misy hatrany araka izany ny famoahana andiana mpikabary, ary azo lazaina fa efa maro ihany no mahafehy izany. Ao kosa ireo mbola manovo fahalalana foana fa tsy mety afa-po. Miresaka izay hatrany dia tsara koa ny manamarika fa anisan'ny nankalaza ny andro manerantany ho an'ny tenin-dreny teo koa izy ireo. Nisy hetsika manokana natao tany anToerana nanamarihana izany. Teo ny kabary izay nelanelanina seho maro samihafa. Nandray fitenenana voalohany tamin'izany ny filoha mpanampy ao amin'ny foibe, Atoa Rakotomavo, izay nisolo ny Filoha Fimpima manerantany, Ramatoa Andriamboavonjy Hanitra, tsy afaka nandray fitenenana noho ny niatrehana ny fandalovan'ny rivodoza Freddy taty an tanindrazana. Taorian' izay dia nifarimbona tamin ny seho sy hetsika ireo sampana Fimpima manerana an'i Lafrantsa, tamin ny alalan'ny tononkalo samihafa nifantoka tamin ny tenindreny. Teo koa ny fiantsana ireo tononkalo noforonon'ny mpanoratra Malagasy fahiny. Nisy ihany koa ny fiventesana hainteny.Miisa 10 ny sampana Fimpima nandray anjara tamin' izany. Anisan'izany ny Sampana Orléans- Sampana Rouen - Sampana Menamasoandro -Sampana Bordeaux ary ireo maro hafa. Nofaranana tamin'ny kabary nataon'ny Filohan'ny faritany Razafindrazaka Sedera ny seho rehetra.

Tanya.R

CGM Analakely

# "Tsar'teny" miaraka amin'ny poetan'Antsirabe

Tsy latsaky ny 15 ny mpanoratra sy poety mikambana ao amin'ny Faribolana Sandratra avy any amin'iny faritra Vakinankaratra iny ho avy eto Antananarivo. Hanolotra antsa tononkalo etsy amin'ny Cgm Analakely ny sabotsy izao, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro izy ireo. Antsa tononkalo nampitondraina ny lohateny hoe "Tsar'teny". Nofidina manokana ny lohateny hoe "Tsar'teny" mba hampisongadinana ny fomba fiteny avy any Vakinankaratra. Tsar'teny, entina milaza fa tsara ny fitazonana ny teny nibeazana. Etsy ankilany, Tsar' dia entiny milaza fandavana hoe "tsia", ka tsy amin'ny alalan'ny teny fotsiny ihany no ahafahana mampita hevitra fa eo ihany koa ny fihetsika sy ny sarin-teny. Hitondra ny sanganasany amin'io fotoana io ry Ra-Phi, Ni, Niry –Solosoa, Solomon Rakotonirina, Goerges Andrianambinina, Freddy Ranarintsoa, Bosco Rasetramanana, Ny Ambato, Ny Tsiaro, Mahalia, Aina Fa soa, Rojo, Rova. Tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena momba ny tenin-dreny ity antsa ity. Tsy misy moa ny vidim-pidirana amin'ity fa afaka manatrika izany avokoa ny rehetra ary nasaina manokana mba hanotrona izany ny terak'i Vakinankaratra monina sy miasa eto Antananarivo. Ankoatra izay dia misy ny boky mirakitra ny sanganasan'ny mpanoratra sy poety, izay amidy amin'io fotoana io. Natao izao hetsika izao mba hanandratana ny asa soratry ny poety ary hiarovana ny fampiasana ny tenin-dreny sy ny tenindrazana.

Tiaray R

## "Zoma manifika"

Farakely

**Hiaka-tsehatra any Tsiroanomandidy**

Hifamotoana amin'ny mpankafy azy any Tsiroanimadidy ry Farakely sy ny ekipany, anio ao anatin'ny fialambolin'ny zoma manifika. "Cabaret" izy io, izay hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina, ao amin'ny Tranompokonolona Tsiroanimandidy. Noho ny daty hihaonana mbola ao antin'ny volan'ny mpifankatia dia ireo hira manambara sy mivetso fitiavana no hahazo laka amin'izany. Ho avy ao daholo ny mpitendrin'i Farakely amin'io fotoana io ary nasaina hiaka-tsehatra ihany koa i Fomanjaka.

Silo

**"Mozika, Mozikako" Plaza Ampefiloha**

Anio hariva, manomboka amin'ny 7 ora sy sasany no hanoloran'i Silo ny "Mozika, mozikako" etsy amin'ny Plazza Ampefiloha. Nasaina manokana hiray sehatra aminy i Fanja Andriamantena, izay azo lazaina fa anisan'ny reny nitaiza sy namolavola azy teo amin'ny tontolon'ny mozika. Hibahana kokoa ny mozika sy ny gadona jazz amin'ity takariva ity ary samy hanolotra izay tsara avy any aminy izy ireo, saingy misy ihany koa ny hira iarahany mivetso.

Tarika Kiaka

**Hanafana ny B'Art Haingo Antsirabe**

*"Rock Fitiavana Bira"*. Io no lohahevitra entin'ny tarika Kiaka sy ny ekipany manamarika ny fampisehoana ataony ao amin'ny toeram-pilanonana B'Art Haingo any Antsirabe. Hetsika hotanterahina anio, manomboka amin'ny 8 ora alina. Hanolotra ireo hiram-pitiavana sy ireo hira nankafizin' ny maro nandritra izay fotoana ela izay ry zalahy.

Nangonin'i Fy

FIZASOA

# Hampisongadina "Ny Betsimisaraka, tsy misara-draha magnagno"



**Ireo mpikarakara ny fihaonana tarihin'ny SG Fanary Narry Thomas eo ampovoany amin'ny sary.**

Fotoana iray hanan-danja sy hipetraka ho tantara eo anivon'ny Fikambanan'ny Zanak'i Soanierana Ivongo (FIZASOA) ny fihaonana eny Ambatomaro rahampitso sabotsy. Horaisina amin'ny fomba miavaka izay tonga eny an-toerana rehetra amin'io fotoana io, satria ity no fihaonana voalohany eo amin'ny mpikambana tranainy amin'ity taona ity sady handraisana ireo mpikambana vaovao. Maro ny hetsika hanamarihana izany, araka ny fanazavan'ny mpikambana mandrafitra ny birao izay notarihin'i Fanary Narry Thomas nanditra ny resaka nifanaovana taminy. Anisan'izany ny hetsika ara-kolontsaina hampisongadinana ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina, fomba fitafy sy taovolo mampiavaka an'i Soanierana Ivongo. Mikasika izay dia nanentana ny birao fa ny fitafy hisaloran'ny rehetra amin'io fotoana io dia ireo fitafy mampiavaka ny Betsimisaraka, mba hampisongadinana ilay oha-pitenenana hoe « *Ny Betsimisaraka, tsy misara-draha magnagno* ».
Aorian'ny fandraisam-pitenenana samihafa sy ny tsodrano atolotry ny ray aman-dreny sy zoky olona no hatao ny sakafom-pirahalahiana, ka ny laoka no hiantohan'ny fikambanana fa anjaran'ny tsirairay kosa no mitondra izay vary na zavatra hafa heverina fa mety aminy sy ny fitaovam-pihinana. Samy manao izay hahatongavany eny Ambolonkandrina kosa ny rehetra. Tanjon'ny Fikambanana ny hamondrona anaty vala iray ireo zanak'i Soanierana Ivongo rehetra tsy ankanavaka eto Antananarivo ka ampirisihina hiditra amin'izany ny mpianatra. Afaka mifampizara traikefa sy mifanampy ary ahazoana toromarika isan-karazany ao anatin'ny fikambanana.
Nomarihin'ny birao hatrany fa amin'io fotoana io ihany koa no handraisana ny latsakembok'ireo mpikambana tranainy izay efa nifanarahana. "*Tsy manana fidiram-bola hafa ny FIZASOA fa ny latsakemboka no ahafahana manodina ny fikambanana, ary amin'io latsakemboka io ihany koa no hifampitsinjovana amin'ny resaka sosialy rehetra mahakasika ny mpikambana*", hoy ny tomponandraikitra.

Tiaray R


# PETITES ANNONCES Gazetiko

## A VENDRE

* A vendre. TV coul SHARP x flate, autovolt + télécommande. Cont. 033.80.511.07. (G-BA 000489/2-1)

## MIVIDY

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-19)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-10)

* Lamba, poketra, kiraro, machine, TV, bisikileta, fanaka, cahier, debara. MM. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-8)

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-2)

## COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 488/4-1)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-6)

## FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-6)

## SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-4)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 487/6-2)

## VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-7)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-6)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-6)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-2)

## Izy no izy

Romuald Rakotondrabe " Rôrô "

# Mpanazatra mahay mitsara tena sy mihaino ny hafa

*Tsy nisy afa-tsy ezaka sy ny fianarana ary fiofanana no nataon'ny "coach Rôro" vao tonga amin'izao toerana izao izy….*

Tsy zoviana amin'ny Malagasy sy ny any ivelany Rakotondrabe Romual Felix, na i Coach Rôrô. Ilay mpampianatra taranja arapanatanjahantena (EPS) fahiny no ihany koa mpanazatra voalohany nanandratra avo ny baolina kitra malagasy. Nisongadina satria ny Barea dia laharana fahatelo nandritra ny lalao « CHAN 2022 » farany teo. Izany hoe dian-tanan'ny « Coach Rôrô" no namerina indray ny lazan'i Madagasikara teo amin'ny taranja kitra, izay somary nandiso fanantenana ny maro tao anatin'ny taona vitsy. Iza moa i Coach Rôrô? Tsy iza akory fa mpanazatra izy ary mpilalao kitra ihany koa. *"Tao Fianarantsoa aho no nilalao baolina voalohany fa tany Ambalavao aho no teraka. Klioba maromaro no efa nisy ahy tamin'izany fa santionany fotsiny ny kiloba Maitsovolo, Lazan'ny Tanora Ikianjasoa...sns. Niala kely tao Fianarantsoa dia nankany Ambalavao ary niakatra teto andrenivohitra taorian'izay. Teto indray no niditra tao amin'ny "FC BFV" (taona 1986-1993). Efa niondrana kely tany am-pitandranomasina ihany koa tao "La reunion". Anisany klioba nisy ahy farany ny « FTI Imerintsiatosika » ka tamin' ny taona 2021 no niantsehatra ho mpanazatra"*: hoy Rakotondrabe Romual Felix.



**Ny " Chan " no nifanarahana tamin'ny federasiona ka ho hita eo, hoy izy, raha mbola handray ahy izy ireo amin'ny lalaon'ny nosy izao…**

### Ezaka vita

Tsy nisy afa-tsy ezaka sy ny fianarana ary fiofanana no nataon'ny "coach Rôro" vao tonga amin'izao toerana izao izy, satria mivoatra lalandava ny kitra. Raha tsiahivina dia niofana tao amin'ny "solidarité Olympique" tany Toliara ity mpanazatra malagasy ity ary nanaraka hatrany ny fiofanana nomen'ny "CAF" sy ny "FIFA " vao nahazo ny "licence A". Tsy ambakan' izany, hoy izy, ny fanazarantena tamin'ny ekipa goavana sy ny fangalana traikefa tamin'ireo mpanazatra matihanina tany ivelany. Nandalina hatrany izy ary anisan'ireo ekipa efa nentiny ny "As Saint Michel", Ftm , Uscafoot, Jet Mada, Cospn, As Adema. Ny taona 2019 kosa no nitondra ny barea tamin'ny lalaon'ny nosy. Nihintsana ny ekipampirenena. Izany hoe tsy nahomby ny vokatra ka ny volana jona 2022 indray no nanazatra ny Barea "CHAN". Iny niarahantsika nahita iny ny ezaka vita, satria tafakatra amin'ny manasan-dalana ny Malagasy. *"Izay ny lalana nolalovana raha fehezina. Safidy ny ho lasa mpanazatra ary efa tsy afa-miala amin'ny kitra intsony. Misy ireo zoky nanampy toy an'i Jean François D. (efa nodimandry), Tale teknika nasionaly teo aloha. Nampi,risika foana izy ary rehefa tonga ny solony, toa an'i Rado Rasoanaivo (DTN) sy namana rehetra toa an-dry zokibe Mosa, Maurice, Raniry…sns, izay nanome zavatra be dia be. Ao anatin' ny baolina kitra tsy afaka mandeha irery fa maro ny olona manampy ara-kevitra. Ny mpanazatra dia mila mahay mihaino ny hafa ary mahay mandanjalanja. Ny mpanazatra dia natao hanamboatra olona ary hamorona mpilalao vaovao. Betsaka ny zavatra tokony hianarana, toy ny fahaizamiaina, ary olona manana fo tony. Manaiky fahadisoana ihany koa ary mahay mitsara tena sy manaiky atoro amin'ny zavatra rehetra*", hoy ihany coach Rôro. Raha ny nambarany hatrany dia manana talenta ny Malagasy eo amin'ny filalaovana baolina kitra, saingy tsara trandrahina izany. Ny tsiairaray no mibanjina ny ho avy, satria iaraha-mahalala fa tsy ampy ny enti-manana sy ny fotodrafitrasa eto amintsika. *"Ho ahy manokana dia ny fomba hitazomana an'iny vokatra azon'ny Barea tamin' ny CHAN teo iny no olako. Tokony hiakatra ambonimbony hatrany isika"*: hoy, mpanazatra Rôro.

**Ariel D.**

Mahanoro

# Ankizilahy hita faty tsy nisy maso sy lela

Loza no niseho ny alatsinainy antoandro lasa teo. Ankizilahikely iray tokony ho 8 taona no hita faty tany amin'ny tanàna iray ao anatin'ny kaominina Manjakandriana, any amin'ny distrikan'i Mahanoro. Efa tsy teo aminy intsony ny maso sy lelan'ity ankizy ity tamin'ny fotoana nahitan'ny nanatri-maso ny razana. Efa nokikisana ny volony rehetra tamin'io. Nisy « fil électrique » ihany koa nifatotra tamin'ny tendany ary mifatotra ny tongony. Vetivety dia nahafantatra ny zava-nitranga ny fokonolona, satria fantatra fa teo akaikin' ny tanàna no nahitana io razana io. Efa tonga teny antoerana, araka izany, ny fianakavian'ny maty. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-niseho ny mpitandro filaminana ka nandeha nidina ifotony nanao fitsirihana. Araka ny fantatra dia maty novonoina tamin'ny fomba feno habibiana mihitsy ity ankizy ity.

### Naka kitay

Araka ny fanazavana hatrany dia ny sabotsy lasa teo no efa nanomboka tsy hita ity ankizy ity. Niala tany an-tranony handeha haka kitay izy no tsy niverina tany an-tranony intsony ary tsy hita popoka nanomboka teo. Efa nanao ny fikarohana rehetra ny fianakaviany niaraka tamin'ny fokonolona fa tsy hita mihitsy izay nanjavonan'ilay ankizilahikely, ary tamin'io alatsinainy io no hita ny fatiny. Fantatra fa tany amin'ny toeran-kafa no namonoana azy ary rehefa avy eo naterin'ireo jiolahy teo akaikin'ny tanàna ny razana. Efa anisan'ny toerana nandehanan'ny fokonolona nitady azy mantsy teo amin'io toerana nahitana ny razana io fa mbola tsy hita teo izy tamin'izay. Nandeha avy hatrany ny fanadihadiana mikasika ity raharaha ity ka efa nisy ny olona noahiahiana efa voasambotra. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Ampasapito

# Lehilahy sady mivarotra no mifoka rongony mahery vaika

Lehilahy iray 29 taona mivarotra no sady mifoka rongony no voasambotry ny polisy misahana ny heloka bevava sakelika fahatelo teny Ampasapito tamin'ny fiatombohan'ity herinandro ity. Nahazo loharanombaovao mikasika ny fivarotana rongony ataon'ity lehilahy ity ny polisy ka narahimaso ralehilahy. Rehefa elaela nanaraha-maso azy mikasika io asa ratsy ataony io dia tratra teny amin'ny fiantsonan'ny taksiborosy teny amin'io toerana voalaza etsy ambony io ralehilahy. Nandritra ny fisavana azy no nahitana rongony mahery vaika antsoina hoe métamphétamine 0,5 grama teny aminy. Natolotra ny sampandraharahan'ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina ralehilahy taorian'izay. Nandritra ny famotorana natao an'ilay io no nilazany fa 200 000 ariary no hividianany io zava-mahadomelina mahery vaika io ary amidiny 240 000 ariary ny iray grama amin'izany avy eo. Nandritra ny fakana am-bavany azy ihany no niaiky izy fa sady mivarotra no mifoka io « métamphétamine » io. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha rehefa vita ny famotorana teo anivon'ny polisy.



**Ilay lehilahy voasambotra.**

**T.H**

Brickaville

# Ankizy mianadahy indray hita maty an-drano

Loza no niseho tany amin'ny fokontany Ambohimanarivo, any amin'ny distrikan'i Brickaville, fa ankizy mianadahy 4 taona sy 6 taona no hita faty tao anaty rano omaly tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany maraina. Lehilahy handeha hanjono maraina no nahita ireo razana voalohany. Hatairana ny azy teo am-pahitana ireo vatana mangatsiakan'ireo olona roa ireo ary taorian'izay dia nampandrenesiny avy hatrany ny fokonolona. Nirohotra nankeny an-toerana nijery ny zava-nitranga ny olona teo anatrehan'izany. Rehefa nahafantatra mikasika ity fahitana faty ity ihany koa ny mpitandro filaminana avy any Brickaville dia nidina ifotony nanao fitsirihana. Araka ny fanazavana dia efa afakomaly no efa nokarohin'ny fokonolona tao anaty rano tao ireo ankizy ireo. Fantatra mantsy fa tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 11 ora no efa nalentiky ny rano tao ireo zaza ireo. Ny fanampimpanazavana hatrany no nahalalana fa avy nanao maloto ireto zaza ka nandeha teny amoron'io rano io mba hisasa. Tsy nampoizina anefa ny zava-nitranga, satria dia lasan'ny rano tany izy ireo ary tsy nipoitra intsony. Efa nanao izay ho afany tamin'ny fitadiavana azy ireo ny rehetra tamin'io afakomaly io saingy tsy nahitam-bokany izany ary dia izao hita faty izao izy mianahady omaly maraina.

**T.H**

## Manal azy de



## Sarisary zary tenany

**Bebe**




## Hatsikana an-tsary

**Mila herin-tsaina**




## Masoandro Miposaka

**Jaona 12 : 46**

Izaho tonga amin'izao tontolo izao ho fahazavana, mba tsy hitoetra ao amin'ny maizina izay rehetra mino Ahy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Tsy azo ibabenjaza, toa fery andamosina.**

Qui empêche de porter un enfant, comme une blessure au dos.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2888

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 8 | | | | 3 | | | 4 |
| | | 3 | | 7 | | | 8 | |
| 7 | 1 | | | | | | | 2 |
| | | | | | | | 5 | |
| | 4 | | 8 | 3 | | | | |
| | | | | | | | | 1 |
| | | 5 | | 8 | 6 | 3 | | |
| | | 9 | | | 7 | 2 | | |
| | | 2 | | 1 | | | 4 | |

Valin'ny laharana 2887

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 5 | 1 | 2 | 7 | 8 | 6 | 4 | 9 |
| 6 | 4 | 8 | 9 | 1 | 5 | 2 | 3 | 7 |
| 7 | 9 | 2 | 3 | 6 | 4 | 1 | 8 | 5 |
| 5 | 3 | 4 | 1 | 2 | 6 | 7 | 9 | 8 |
| 8 | 2 | 6 | 5 | 9 | 7 | 3 | 1 | 4 |
| 1 | 7 | 9 | 8 | 4 | 3 | 5 | 2 | 6 |
| 2 | 6 | 5 | 4 | 3 | 9 | 8 | 7 | 1 |
| 9 | 8 | 3 | 7 | 5 | 1 | 4 | 6 | 2 |
| 4 | 1 | 7 | 6 | 8 | 2 | 9 | 5 | 3 |

Sakantsakana fanentanana fifidianana

# Nitaraina teny amin'ny CENI ny TIM

*Fa zo sy adidin'ny antoko politika ny manentana ny olom-pirenena handray andraikitra mba hananana lisitry ny mpifidy feno sy madio.*

Nitaraina teny amin'ny CENI ny TIM ary manameloka ny sakantsakana atao aminy mikasika ny fanentanana ara-pifidianana.Tsy mitsahatra ny milaza ny eo anivon'ny antoko Tiako i Madagasikara fa iharan'ny teritery sy sakantsakana eo am-panatanterahany ny fanentanana ny vahoaka malagasy hanatona ny fokontany misy azy tsirairay avy hisoratra anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy. Taorian'ny teny amin'ny lapan'i Mahazoarivo andro vitsivitsy lasa izay dia nametraka fitarainana mahakasika izany teny amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, na CENI, indray ny birao politika eo anivon'ny antoko TIM tarihan'ny Sekretera Jeneraliny Rina Randriamasinoro, omaly. Notsipihin'ity farany nandritra izany fa zo sy adidin'ny antoko politika ny manentana ny olom-pirenena handray andraikitra mba hananana lisitry ny mpifidy feno sy madio ary tontolo manodidina milamina hiatrehana ny fifidianana hametrahantsika miaraka fitondrana hanarina ny firenena sy hitondra fampandrosoana ho an'ny vahoaka.

**Magro Behoririka**

Ao anatin'iznay rehetra izany, miantso ny mpitondra fanjakana hampitsahatra ireo endrika ramatahora atao amin'ny TIM io laharana faharoa eo anivon'ny antoko io tamin'izany. Raha tsiahivina dia nisesisesy ny hetsika nokendren'ny TIM hanentanana ny olom-pirenena mba hiomana amin'ny fifidianana sy hanoratra ny anarany ao anatin'ny lisitry ny mpifidy tao anatin'izay herinandro maromaro izay. Tsy tontosa araka ny tokony ho izy hatrany anefa izany noho ny sakantsakana ataon'ny mpitandro ny filaminana azy ireo. Dia ho hita eo indray ny zavatra hitranga eny amin'ny Magro Behoririka anio mandritra ny hetsika tarihin'Ing. Marc Ravalomanana ho fanentanana ny olom-pirenena manodidina ny fifidianana sy ho fifampiarahabana tratran'ny taonan'ny TIM eto Analamanga.

**Mamy R.**

Vondrona Panorama

# Mitaky ny hamelana malalaka ny olom-pirenena haneho hevitra

Omaly no notanterahina, tetsy amin'ny PKO Soarano ny fifampiarahabana nahatratra ny taona teo amin'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Panorama, notarihin'ny solombavambahoaka Rolland Ratsiraka. Anisan'ireo nanatrika ny lanonana ny depiote TIM Mamy Rabenirina, Brigitte Rasamoelina, mpitarika ny antoko Ampela manao pôlitika, ny solontenan'ny antoko Gasy leo sy ny avy ao amin'ny RMDM. Noresahina nandritra io fihaonana io ny fanatsarana ny lalàna mifehy ny fifidianana. Toy izany koa tokony hirosoana amin'ny kaonferansa nasiônaly, alohan'ny hirosoana amin'ny latsa-bato. Ankoatra izay dia hevitra niombonan'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Panorama ny hanentanan'izy ireo ny vahoaka tsy hifidy Andry Rajoelina. Takian'ny Vondrona Panorama ihany koa ny hamelana malalaka ny olom-pirenena haneho hevitra. Omaly manokana, araka ny fanamarihan'ny mpikambana, dia maro ireo olona saika hanatrika ny fifampiarahabana tratry ny taona no nosakanan'ny mpitandro filaminana ka tsy tafiditra tao amin'ny PKO. Manoloana ny fanoloana mpikambana ao amin'ny governemanta farany teo dia nanamarika ny Vondrona Panorama fa tsy izany intsony no mahavaha ny olana eto amintsika.



**Tetsy amin'ny PKO Soarano omaly.**

**V.R.**

Toe-draharaham-pirenena

# Tsy ny mpanohitra fa ny samy mpanohana fitondrana ihany no mifamotika

Inona no hiafaran'ny adin'ny samy be kintana ? Inona no fanapahan-kevitra horaisin' ny lehibe ? Ireo no fanontaniana manitikitika ny sain'ny mpanara-baovao, taorian'ny horonam-peo mirakitra resaka an-jorony sy ny valinkafatra mahakasika izany, nisy nanao fanahiniana nanaparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy. Tranga izay tsy vao sambany no niseho fa efa matetika miverimberina, mba tsy ilazana hoe zary fomba fiady hanapotehana olona tato ho ato. Mandra-piandry izay ho tohiny, ny hita miharihary aloha dia tsy ny avy aty amin'ny mpanohitra fa ny samy mpanohana ny fitondrana ihany no mifanilika sy mifamotika ao anatiny. Ny somary mahavalalanina anefa dia tsy andrenesampeo ireo tokony hijoro handamina, tonga amin'ny fitenenana hoe: « Tany misy olobe tsy miady zaza ». Zava-misy izay na tiana na tsy tiana dia mampihena ny tanjaky ny mpitondra, andaniny, ary ankilany, varavarana misokatra ahafahana manozongozona ny fanjakana, ho an'izay manana tombontsoa amin'izany. Ny mpitondra rahateo tsikaritra ho sahirantsaina manoloana ny olana amin'ny lafiny maro mitranga eto amin'ny firenena. Ankoatra izay, mbola fanontaniana hafa manitikitika ny saina ihany koa ny hoe : Inona indray ny « scandale » hitranga manaraka!

**V.R.**

**HASIN'I GASIKARA**
**Fampianarana KABARY**
Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.
Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama
Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23
G-CL 433/12-6

## Marina izany !

### Andrasana hivadika asa !

**Ankoatra ny mpitandro filaminana sy ny mpandraharahan' ny fonja dia anisan'ny voakiana mafy ho anjakan'ny kolikoly ny sehatry ny fitsarana. Tsy misy tsy mikaikaika amin'ny fomba fiasan'ny ankamaroan'izy ireo sy ny fepetra takiany, tambin'ny fanapahan-kevitra raisiny na ny didy avoakany ny manan-draharaha eny amin'ny fitsarana, tsy ny eto an-drenivohitra ihany fa saika manerana ny Nosy. Tsy vitsy ny olom-pirenena no velom-bolo rehefa nandre ny fampanantenana nataon'ny minisitra sady mpitana ny tombokasem-panjakana vao notendrena, nilaza fa haverina ho azon'ny malahelo iankinana ny Fitsarana eto amintsika. Fampanantenana andrasan'ny rehetra hivadika ho asa. Ary heverina fa tsy ireo mpanera eny amin'ny fitsarana, araka ny nambarany fotsiny, no henjehina fa ny mpitsara manao kolikoly ihany koa. Na inona na inona mantsy ifanarahan'ny mpanelanelana amin'ireo manan-draharaha eny amin'ny tribonaly dia zava-poana izany raha mitsara araka ny lalàna sy ny feon'ny fieritreretany ny mpitsara mandray ny dosie. Ny akaiky indrindra antenaina fa harahin'ny minisitry ny Fitsarana akaiky dia ilay horonam-peo mahavoatonontonona mpitsara sy olona ambony, ahiahiana ho nanao kolikoly, niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy, andro vitsivitsy lasa izay. Tsy misy afa-tsy ny fanaovana fanadihadiana ireny zava-misy ireny mantsy no ahafantarana na nisy tokoa ny kolikoly avo lenta na fanosoram-potaka ny hafa fotsiny ireny feo naparitaka ireny. Raha voamarina ny fandikan-dalàna ka mahasahy manasazy ny ambaratonga tandrify an'izany, amin'izay fotoana izay vao azo lazaina fa misy vokany ny ady amin'ny kolikoly. Mbola resaka hafa ny fahaleovantenan'ny fitsarana !**

Voahangy Rakotozafy

Fiarahamonim-pirenena SAFIDY

# Tsy manaiky hataon'ny mpanao politika fitaovana

Amin'izao fotoana vitsy hirosoan'ny firenena amin'ny fifidianana izao dia maro no mitaraina vokatry ny ataon'ny mpanao politika sasany. Tafiditra ao anatin'izany ireo fiarahamonim-pirenena, izay tsy manaiky sy mitsipaka marindrano ny fanaovana fitaovana politika azy ireo. Araka ny fanazavan'Atoa Randriamalala Robert Charly, mpikambana eo anivon'ny vondrona SAFIDY, dia tsy mpisehatra politika ny fiarahamonim-pirenena fa mpanabe sy miaro ny tombotsoam-bahoaka. « *Ny lalàna 60-133 no mifehy ny fiarahamonim-pirenena izay mandidy azy ireo tsy hanao politika sy hitady tombotsoa manokana* », hoy izy. Nohamafisiny fa tsy fanarahan-dalàna ny fisian'ireo fiarahamonim-pirenena miaraka amin'ny mpanao politika. Na izany aza dia afaka manana ny fomba fijeriny mitovy amin'ny mpanao politika ny fiarahamonim-pirenena. Momba ny resaka CENI, dia nilaza ity mpikamban'ny fiarahamonim-pirenena SAFIDY ity fa tsy azo ekena ny fandravana ny rafitra efa mitsangana sy mampandeha ny zotram-pifidianana. « *Ny manokatra ny CENI amin'ny ankolafin-kery rehetra no tokony hatao* », hoy ihany izy.

**JUDD**

midigazetikom@gmail.com

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo “Petites annonces” izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny “Petites annonces”.

*“Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.”*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Rivodoza Freddy

# Tafakatra 7 ireo maty, 78 078 ireo traboina

*Traboina 22 529 avy amin'ny tokantrano 5 475 no efa nafindra amin'ny toerana 33 fandraisana traboina.*

Mihamavesatra ny takaitra navelan'ilay rivodoza Freddy. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), omaly hariva, dia niakatra 7 ny isan'ireo namoy ny ainy. Ankoatra ireo maty 4 efa notaterina teto, dia nisy olona 3 hafa voamarina fa maty andrano tany amin'ny fokontany Ampasimbola Nosy Varika sy tany amin'ny fokontany Ambohitsara Atsinanana Mananjary, ary tany amin'ny fokontany Ambavalohaba Ambohimahasoa. Niakatra 78 078 koa ny isan'ireo traboina, izay avy amin'ny tokantrano 20 014 anatin'ny faritra 7 manerana ny Nosy, dia Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Atsinanana, Matsiatra Ambony, Menabe sy Amoron' i Mania. Traboina 22 529 avy amin'ny tokantrano 5 475 no efa nafindra amin'ny toerana 33 fandraisana traboina, ka ao Vatovavy sy Fitovinany ny ankamaroan'izy ireo. Nanimba fotodrafitrasa maro ny rivodoza Freddy, ka tafiditra ao anatin'izany ny trano 3 079 tondraky ny rano, ny trano 9 696 nisy fahasimbana, ary ny trano 1 206 potika tanteraka. Marihina fa mbola mety tsy hijanona amin'ireo antontanisa izay efa navoakanay teto amin'ny Gazetiko ny alakamisy teo sy ny nivoaka androany ny takaitra vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Freddy fa mbola mety hitombo izany. Ny antony dia mbola eo ampanangonana sy fandraisana ny antontanisan'ny fahasimbana sy ny fahapotehana nisy tamin'ireo faritra nitondra faisana ny BNGRC.

**R. Muray**

Seces Sampana Antananarivo

# Azo atao antoka tsy hisamboram-bola tsy miankina amin'ny FMI i Tsimiroro

Nampahatsiahy ny SECES Sampana Antananarivo, tamin'ny fampitam-baovao niparitaka tamin'ny facebook omaly fa *"mba hanalana ny Malagasy amin'ny fijaliana sy fahantrana, i Tsimiroro dia harem-pirenena ao Ambongo Bemaraha ao anatin'ny faritra Melaky. 1,7 miliara Baril eo ho eo izany rehefa natao tombana, ka 50 isanjato no anjaran'ny Malagasy. 40 taona raha kely indrindra ny fitrandrahana azy io. Azo atao antoka hisamboram-bola tsy miankina amin'ny FMI na ny Banky iraisam-pirenena. Raha ny zava-misy ankehitriny dia ireo mpanakana ny fitrandrahana an'i Tsimiroro no mitarika antsika ho an'ny amin'ny lalana diso. Madagascar oil efa mivarotra menaka mavesatra amin' ireo orinasa vaventy ao Antsirabe. Tsy nahazo ny Jirama satria tsy nanome « garantie de paiement » ho azy ny fitondrana. Tsy hamokatra gasoil, lasantsy, pétrol na kérosene mora hono ny Mdagascar oil fa ny milina rehetra an'ny Jirama no tadiaviny halefa amin'io menaka mavesatra io. Famoretana ny toekarem-pirenena io paika io fa tsy hanavotra ny vahoaka. Manangasanga ny fanjanahan-tany vaovao tsy azo ekena"*, hoy ity hafatra nampitan'ny SECES sampana Antananarivo omaly ity. Raha ny lalana tokony hizorana dia tsy mila volabe avy hatrany amin'ny 100 tapitrisa USD akory isika. *''Aoka hazava fa ny tombontsoan' ny vahoaka malagasy ary ny fidinan'ny vidim-piainana dia mitaky Gasoil, lasantsy, pétrol na kérosene mora. Mila tara (goudron) koa isika hanamboaran-dalana ka : hatsangana izany ny ozinina Cracking catalytique hahazoana ireo rehetra ireo. Atao "station pilote" ny Jirama Maintirano ary izy irery no alefa amin'ny menaka mavesatra efa tafavoaka. Ny lalana Tsimiroro mankany Maintirano no hamafisina fa andranomasina no hitaterana ny solika.* Mbola hosoratanay amin'ny lahatsoratra manaraka ny tohin'ity hafatry ny SECES sampana Antananarivo ity.

**Heriniaina A.**

Fambolem-bary

# Nahazoana vokatra tsara ny fampiasana zezika biôlôjika

Miroso mankany amin'ny fahavitan-tena ara-bary i Madagasikara. Tsy azo ihodivirana amin'ny fanatrarana io tanjona io ny fampiasana zezika mampitombo ny vokatra ao anatin'ny fotoana maharitra sy mikajy ny lafiny ara-tontolo iainana. "Efa ela no nampiasan'ny tantsaha ny zezika GUANO FERTI-P, izay zezika biôlôjika 100 isanjato vokatra eto an-toerana. Mety amin'ny voly manome voa rehetra, toy ny katsaka sy ny varimbazaha, indrindra fa ny vary. Tsy mitovy amin'ny zezika simika ny fomba fiasany, satria azo ahena isan-taona ny fatra ampiasaina, kanefa mampitombo tsikelikely ny vokatra azo. Tsy manimba fa mitazona ny tsiron'ny tany ary tena mikajy ny lafiny arapahasalamana sy miaro amin'ny fandotoana ny loharano. Natao hamaliana ny filàn'ny fambolena sy ny tantsaha tanteraka. Be fôsifôro ary misy singa hafa toy ny NPK, akora organika sy mineraly. Afaka mandeha irery ary azo ampivadiana amin'ny zezika hafa.", hoy Saraha A. Andrianarijaona, tale misahana ny varotra eo anivon'ny TOPVERT. Ity orinasa ity no misahana ny fanapariahana ny zezika vokarin'ny GUANOMAD eto Madagasikara. Manomboka amin'ny 1 200 Ariary ny kilaony ho famahana ny olan'ny tantsaha ankehitriny amin'ny fahalafosan'ny vidin' ny zezika. Mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny fambolena eto Madagasikara ny TOPVERT, satria misehatra amin'ny fanapariahana ireo vokatra rehetra ilain'ity sehatra ity eto amintsika.




**Nanazava ireo vokatra azo avy amin'ny fampiasana ny zezika GUANO FERTI-P ny tale ara-barotra, Saraha A. Andrianarijaona.**

**R. Muray**

Akon'ny fandalovan'ny rivodoza Freddy

# Maherin'ny 20 ireo andrin-jiro nianjera

Anisan'ny nitondra faisana nandritra ny fandalovan'ny rivodoza Freddy tany amin'ny ilany atsimo atsinanan'ny Nosy iny ny fitaovan'ny Jirama. Maherin'ny 20 ireo andrin-jiro tapaka na nitongilana na nienjera. Tao Ambatofinandrahana, nisy roa ireo andrin-jiro tapaka ary trano iray ary misy kaobtera " triphasé"no nirodana. Tany Mananjary, 11 ireo andrin-jiro lavo sy mitongilana ary misy taribin-jiro tapaka. Tapaka tanteraka ny herinaratra saingy efa miezaka manarina izany ny jirama mba hiverenan'ny jiro sy rano. Tao Ikalamavony, misy efatra ny andrin-jiri lavo ary nisy "branchement" nitsoaka ihany ko tany an-toerana. Efa miverina amin'ny laoniny ihany koa ny famatsiana herinaratra ao Nosy Varika. Efa misy tranainy ireo fitaovan'ny orinasa Jirama ka mila fanavaozana tanteraka. Vao sendra ny rivotra mahery dia izao iaraha-mahita izao ny fahavoazana. Mila vola anefa ny fanarenana ireo simba ary toraka izay ihany koa ny amin'ny fanatsarana izay tokony hatao mba hisorohana ny fahavoazana mety mitranga amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

**Nath**

Margiotta Joelle - Tsy afa-mitsangana

# Nanao "opération mine sao", handidiana azy



**Seza misy kodiarana no mba ahafahany mandehandeha amin'izao. (Sary :HAR)**

Nanganohano ny ranomason-dRtoakely Margiotta Joelle nandritra ny tafa nifanaovany tamin'ny mpanao gazety maro tany Toamasina ny herinandro lasa teo. *''Tsy maintsy nanao opération nihinanan'olona ''mine sao'' aho teto Tamatave, satria tia an'izany ny olona aty, mba hananagonako vola hanaovana fandidiana ahy. Tratran'ny tsy fahasalamana tampoka aho tamin'ny volana septambra 2016 ka rehefa nozahan'ny dokotera ny fahasalamako tamin'ny faran'ny taona teo dia tsy maintsy hatao fandidiana any Antananarivo aho"*, hoy Rtoakely Rakotondrazety Margiotta Joelle taminay. Nomarihiny fa efa indroa nanao ''scanner'' izy fa tsy hita ny aretina manjo azy ka rehef nanao IRM vao hita ilay ''compression médullaire '' any amin'ny lamosina no mahavoa azy. Mety ho tamin'ny fihetsika nataony na nianjera izy fa tsy tsaroany no nahatonga an'ity aretina ity taminy.

**Enin-taona**

*''Tampoka ny fitrangan'ilay izy tamiko ka tsy afaka nanohy intsony ny fianarako aho ka hatramin'ny asa sy tanjona taiko hotratrarina dia tavela. Tao anatin'ny enin-taona no tsy nety hita io aretina io ka tsy afaka nianatra intsony aho''*, hoy hatrany izy taminay. Araka izany, mila atao fandidiana ao amin'ny HJRA izy ka rehefa nifampiresaka tamin'ny dokotera hanao ny fandidiana dia mbola hisy ''bilan'' maro hatao aminy. Araka ny fanadihadiana nataonay dia mila manomana 6 tapitrisa Ariary izy vao ho vita ny fitsaboana azy. Tsy nisy afa-tsy ny fanaovana ''opération mine sao '' no nitadiavan'ny fianakaviany vola hamitana ny fandidiana azy. Tapakila 320 no lafo tamin'ny fotoana nandalovanay tany Toamasina, kanefa raha hanatratra an'io lelavola ilainy io dia tokony nahalafo hatrany amin'ny tapakila 800 tany ho any. Manao antso avo amin'ny mponin'i Toamasina sy ny fikambanana mpanao asa soa ary indrindra amin'ny fitondram-panjakana ny fianakavin-dRtoakely Margiotta Joelle.

**Heriniaina A.**

"Salon des études internationales"

# Hotanterahina ny 1 sy 2 martsa 2023 etsy Andohatapenaka

Marobe ny tanora maniry hanohy ny fianarana ambaratonga ambony any am-pitandranomasina aorian' ny bakalorea. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo efa mahazo diplaoma ambonimbony no maniry hanamafy ny fahaizany amin'ireo oniversite vahiny manana ny lazany. Natao indrindra ho azy ireo ny hetsika "Salon des Études Internationales" izay tanterahina ny 1 sy 2 martsa 2023 izao etsy amin'ny Akoor Digue Andohatapenaka. Feno 20 taona katroka ny niforonan'ny Madajeune ka ampy traikefa tsara izy ireo amin'ny fanatanterahana hetsika, na avy eto na amin'ny sehatra iraisam-pirenena, toy ity salon andiany faha-13 ity. Firenena maro no azon'ireo mpianatra isafidianana, ka anisan'izany i Etazonia, Canada, Frantsa, Maorisy, Sina, Australia, Afrika sy ny maro hafa. Efa azon'ny mpianatra atao ihany koa ny mianatra sy maka diplaoma vahiny na tsy mivoaka eto Madagasikara aza. Manodidina ny 20 ireo oniversite vahiny na ivontoeram-pampiofanana mampianatra fitenim-pirenena maro mivondrona amin'ny toerana iray ary mandray anjara mandritra ny 2 andro. Anisan'izany ny Vatel, mpanohana ofisialy, CGM, Cnam, Campus France, IEP Madagascar sy ny hafa. Marobe noho izany ny tombontsoa azon'ireo mpianatra tonga, satria misy ny fampahafantarana sy fanazavana ataon'izy ireo miampy ny dingana ary fepetra arahina raha maniry ho any ivelany, ampitain-davitra na hanaraka fianarana eto.

**Nath**